


**Ambilobe, 9 Marsa 2018. Ny fahatongavan'ny Filoha Andry Rajoelina tao amin'ny toerana nanaovana ny dinika sy nifampizarana ireo olàna ary soso-kevitra**







**Eo ankavian'ny sary: ny Ampanjaka Tsimiaro III (Issa Alexandre) arahin'i Augustin Andriamananoro izay nanatrika ny Fisehagna tamin'ny taona 2009, fony izy minisitra ( Tsindrio eto )**

Tao Ambilobe izany ny dingana voalohany nosafidianan’ny Filohan’ny Tetezamita teo aloha, Andry Rajoelina, hanazavana ny IEM any ifotony.




*«Napetraka sy najoro ny IEM mba hitondrana vahaolàna sy fampandrosoana ao anatina fotoana fohy, ahatratrarana ny tanjona sy ny vina amin’ny fahataràna misy an’i Madagasikara izay lasa firenena mahantra faha-5 maneran-tany»,* hoy ny Filoha Andry Rajoelina, mpanorina ny IEM na *«Initiative pour l’Emergence de Madagascar»*, raha nanokatra ny fandraisam-pitenana teto Ambilobe ny tenany.




www.madagate.org


www.madagate.org

[illegible]


Feo iray
Fijery iray
toe-karena iray
mba ho afrika
ho an'ny afrikanina
Teny filamatra PAESFA AFRIQUE
PAESFA
Mialy RAJOELINA
Présidente PAESFA AFRIQUE
Association Fitia
Fitia

[illegible]


www.madagate.org

[illegible]